# Ny fomba fandrona amin'ny loto lehibe

Tatitra azo avy tamin'i Maimona Renin'ny mpino (R.A) niteny : Nametrahako rano teo amin'ny Mpaminany (S.A.W) ka nandro izy, dia nitakomako tamin'ny lamba, avy eo nandrotsaka rano tamin'ny tànany roa dia nosasany, ary nitopasany rano tamin'ny tànany havanana sy havia ka nosasany ny henatrany, napetany tamin'ny tany ny tànany avy eo nikosehiny ary nosasany, avy eo nikotsam-bava izy ary nampiditra rano kely tao amin'ny orony, avy eo nanasa ny tarehiny sy ny tànany anankiroa, avy eo nitopasany rano ny lohany sy ny vatany iray manontolo, avy eo nisitaka kely ka nanasa ny tongony roa, avy eo nitolorako lamba izy fa tsy nandray, ka niala teo no sady namafa ny rano teo amin'ny vatany tamin'ny tànany roa.
[Mari-pototra] [Notantarain'i Bokhari sy Moslim]

Manambara i Maimona renin'ireo mpino silamo ny fomba fandron'ny Mpaminany (S.A.W) amin'ny loto lehibe satria nametrahany rano mba handroany teo anoloany ary nitakomany lamba, ka nanao ireo zavatra manaraka ireto i Mpaminany (S.A.W) : Voalohany : Nitopasany rano ny tànany roa avy eo nisasany mialohan'ny nampidirany azy tao amin'ny siny misy ny rano. Faharoa : Nanopaka rano tamin'ny tànany havia ny havanana ary nanasa ny fitaovam-pananahany izy; ho fanadiovana ny zavatra tavela amin'ny loto lehibe. Fahatelo : Nataony tamin'ny tany ny tànany ka nikosehiny ho fanadiovana azy amin'ny loto. Fahaefatra : Nanotsam-bava; izany hoe nampiditra rano tao am-bavany ary nahotsankontsany sy navadibadiny avy eo dia nariany, ary nampiditritra rano kely tao amin'ny orony avy eo navoakany mba ho fanadiovana azy. Fahadimy : Nanasa ny tarehiny sy ny tànany roa. Fahaenina : Nitopasany rano ny lohany. Fahafito : Nitopasany rano ny vatany izay sisa tsy lena. Fahavalo : Niala kely tamin'ny toerany izy avy eo nanasa ny tongony roa tamin'ny toerana hafa izay tsy mbola nosasany teo aloha. Avy eo nitondra lamba hamafany tenany i Maimona, saingy tsy noraisiny, fa nofafany tamin'ny tànany roa ny vatany mandrampahamainany.



النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee